**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**

**----------------------------**

**Discours de SEM. Hery RAJAONARIMAMPIANINA,**

**Président de la République de Madagascar**

**54ème anniversaire de la fête de l'Indépendance**

*26 juin 2014, Palais d'Etat d'Iavoloha*

Je ressens un immense honneur et un grand privilège que je partage avec vous, en ce jour où notre Nation toute entière commémore le 54ème anniversaire de son accession à l'Indépendance.

Que nos vœux de santé, de bonheur et de prospérité accompagnent chacun de vous dans le cadre de cette belle journée!

Je voudrais rendre hommage à toutes les luttes menées dans ce pays pour son indépendance. Nos aïeux se sont battus, ont versé leur sang pour la souveraineté de Madagascar, pour la liberté de son peuple.

Il y a un peu plus de six mois, c'est par la voie des urnes que le peuple malgache s'est exprimé pour restaurer cette démocratie, pour donner un nouveau cap à notre pays, un nouvel élan, un nouvel espoir.

Cette sortie de la crise politique qui nous a marqué ces cinq dernières années s'est faite pacifiquement, démocratiquement.

C'est aussi une belle preuve que nous aurions pu donner au monde entier que Madagascar est bel et bien une démocratie en marche.

Cette mobilisation exemplaire est aussi une belle leçon que le peuple ait pu donner à la classe politique malgache toute entière.

Le pays tout entier est sorti de cette crise, affaibli peut-être mais uni, économiquement appauvri aussi, mais debout et fier.

C'est dire la responsabilité qui repose sur nous, élus de ce peuple souverain, c'est dire aussi l'espérance que nourrit le peuple Malagasy dans cette nouvelle gouvernance, c'est dire enfin, l'ampleur de la tâche qui nous attend tous pour redresser notre Nation, reconstruire notre pays et bâtir un avenir meilleur pour nos enfants.

Cette confiance que le peuple nous accorde, nous n'avons pas le droit de la trahir, nous avons le devoir de l'honorer et de remplir notre mission avec la même dignité que celle dont nos électeurs ont fait preuve dans l'adversité.

Notre pays a trop longtemps souffert de l'instabilité de ses Institutions, des combats partisans, des luttes de pouvoir. On ne nous pardonnera plus une nouvelle fois ces errements qui ont amené Madagascar au bord du chaos.

Je suis pour ma part conscient de la responsabilité politique qui est la mienne.

**La reconstruction de notre pays passe d'abord par l'unité nationale et par la réconciliation nationale.**

Nous ne nous en sortirons pas dans la division. On ne construit pas l'avenir d'un pays sur un terreau de haine et de rivalités stériles. Je préserverai l'unité nationale de toute mes forces car **Je suis le Président du Peuple Malagasy tout entier.**

Madagascar a besoin d'une politique de développement économique ambitieuse, d'une politique générale généreuse, d'une environnementale respectueuse.

Ce sont là les défis qui nous attendent pour les cinq prochaines années et c'est sur la réussite de ces politiques que nos concitoyens nous jugeront.

Je n'accepterais pas que les comportements individualistes d'un petit nombre viennent jeter l'opprobre sur l'action volontariste d'une large majorité d'entre nous.

Il en va de la crédibilité de la classe politique toute entière. Il en va aussi de la sauvegarde de notre démocratie.

Notre pays a besoin d'investisseurs, d'entrepreneurs, de créateurs d'emplois et de richesses.

Notre pays a trop longtemps été rongé par la corruption. La corruption est un cancer qui gangrène notre société et qui l'affaiblit et finirait par la tuer si nous ne luttons pas avec toutes nos énergies.

L'Etat doit trouver les moyens de son action. Nous devrons pour cela renflouer le budget de la Nation, lutter contre les fraudes et l'évasion fiscale, se lever contre le pillage de nos ressources naturelles et de nos richesses minières.

Alors, et alors seulement, nous aurons les moyens de notre ambition: celui de redresser notre pays, d'assurer la sécurité des biens et des personnes, d'instaurer un vrai service de santé public accessible à tous, d'assurer l'éducation de nos enfants, l'indépendance de la justice; bref d'assurer toutes les missions régaliennes qui doivent revenir à l'Etat.

Madagascar dispose:

- de ressources naturelles et minières d'une exceptionnelle diversité et d'une grande richesse;

- d'une vaste Zone Economique Exclusive;
- d'un marché intérieur de 22 millions d'habitants dont l'élévation du niveau de vie entretiendra la croissance;
- d'un avantage comparatif en termes de coût de main d'œuvre par rapport aux pays de la zone ...

Autant d'atouts que nous avons le devoir de valoriser en favorisant et en accompagnant les investisseurs nationaux et étrangers, en leur offrant un cadre sécurisé favorable à l'implantation et au fonctionnement de leurs entreprises.

Nous devrons développer notre agriculture. Nous avons les plus grandes superficies arables de tout l'Océan Indien et un énorme potentiel agricole.

Si nous voulons donner un nouvel élan au secteur économique, favoriser les investissements, créer des emplois, développer la réconciliation nationale, nous devrons aussi doter le pays d'infrastructures modernes, à la mesure de ses potentialités de développement. Nous devrons fournir l'eau et l'électricité à la population et à toutes les Régions. Nous devrons bien évidemment protéger notre environnement.

Mais le développement économique n'a de sens que s'il profite à tous.

Nous ferons les efforts qu'il faudra pour l'accompagner, mais nous attendons en contrepartie un engagement durable et fort des investisseurs sous l'angle social, sociétal et environnemental.

Le développement économique que nous voulons doit contribuer à la réduction de la pauvreté et à la croissance économique durable et inclusive, et créer des possibilités d'emploi et de travail décent pour tous, tout en préservant notre environnement.

Notre tâche, vous le voyez est immense, surtout pour rattraper cinquante ans de retard.

Alors ne perdons pas de temps dans des querelles futiles, mettons-nous au travail au service du peuple Malagasy.

Ce défi, c'est ensemble que nous devons le relever dans le respect des prérogatives des uns et des autres, dans le respect des Institutions de la République, à l'écoute des préoccupations des collectivités territoriales.

MADAGASCAR est entré dans une ère de normalisation qui lui offre désormais l'appui de la communauté internationale.

Le processus de normalisation que je me suis engagé à mettre en œuvre, les réformes que nous allons engager, les perspectives de développement qui s'offrent à nous vont nous permettre de retrouver du crédit auprés des institutions financières et des investisseurs de tous horizons.

Les conditions sont désormais réunies pour un véritable développement.

J'en appelle à la responsabilité de chacun, pour préserver l'unité nationale.

J'en appelle à la mobilisation de tous, nationaux comme étrangers à œuvrer pour le développement économique, dans l'intérêt national et dans le cadre d'intérêt commun.

J'en appelle à toutes les bonnes volontés et la conscience Nationale, pour bâtir une Nation réconciliée et prospère.

VIVE LA REPUBLIQUE

VIVE MADAGASCAR.

t

**Kabarin'Andriamatoa Hery RAJAONARIMAMPIANINA**

**Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara**

*26 jiona 2014, Iavoloha*

Ry Malagasy Mpiray Tanindrazana,

Migadona ity ny Asaramanitra, mandray am-pifaliana ny faha-54 taona niverenan'ny fahaleovantena isika miananakavy ankehitriny. Koa miarahaba ny Vahoaka Malagasy tsy an-kanavaka nahatratra izany vaninandro manan-tantara izany, ka ifalian'ny ambanilanitra.

Amin'izao fetim-pirenena izao, mitsidika ny isam-baravarana ny tenako, manolotra ny arahaba ombam-pirariantsoa ho an'ny isam-batan'olona, dia ilay harena fototra ho an'ny Firenena.

Finaritra indrindra ianareo ry Vahoaka Malagasy tsivakivolo! Ho to hasina, ho feno hery, hambinina amin'izay rehetra atao.

Mitondra izany arahaba fantimpantenana izany ihany koa ho an'ny isam-paritra izay vondron-kery, tamba-karena, manantitra ny arahaba vaventiventy ho an'ny mpiray Firenena, atambatry ny Nosy iraisana, atambatry ny teny iombonana ka iray safidy dia ny hananana an'i Madagasikara sambatra.

Singanina ao antin'ny maro anefa, avahana ao antin'ny betsaka na dia isam-bahoaka tokoa aza ianreo Foloanlindahy izay kitro ifaharan'ny fandriam-pahalemana mba hampandry fahizay ny tany sy ny fanjakana satria dia ianareo ireo no kofehy mando mitam-panjakana. Natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany. Arahabaina ianareo nahatratra izao faha-54 taonan'ny fahaleovantenam-pirenena izao no sady nijoroanareo. Ianareo no antony, ianareo no ivony, koa rariana ho lava elona eo am-panefana ny adidy ary hitombo hery eo am-panatontosana ny andraikitra.

Ry Malagasy Mpiray Tanindrtazana,

Taona manan- tantara ity taona 2014 ity.

Nahavita dingana vaovao ny Firenentsika, afaka ny hodimirana ka hihazo ny làlam-baovao nofidiantsika isika, dia ny fampandrosoana an'i Madagasikara ao anaty fihavanana sy fandriampahalemana. Efa naseontsika ho hitam-poko, ho hitam-pirenena, eny nampiaiky volana an'izao tontolo izao izany dingana

vaovao izany tamin'ny alalan'ny fifidianana, hany ka lasa fakan-tahaka manerana an'i Afrika sy izao tontolo izao i Madagasikara.

Ry Vahoaka Mpiray Tanindrazana! Ilo mby an-doha ka tsy fandraraka an-tany izany. Faneva mby an-tànana ka tsy fanimpy an-tsihy. Koa mahaiza manana!

Pejy vaovao no misokatra, hirosoantsika amin'ny taom-pandrosoana ka hanaingàna ny daholobe tsy an-kanavaka. Hanaingako anao koa hirotsaka an-tsehatra, hirosoa am-pahamalinana, hitozo hampahavitrihana. Mitaky izany ny fanamby maro apetratsika.

Dimy volana izay no lasa, dimy volana taorian'ny fianianana nataoko ka nametrahana ny fototra iaingana sy nanoritana ny asa araka ny laharam-pahamehana. Sady fohy izany no lava raha ny hafonjany no jerena, nefa dia nahafahana nanokatra ny maso hibanjina, sy ny saina handinika, ho amin'izay hatao rehetra, hisakanana ny nenina tsy hialoha Iàlana. Hoy ny fitenenana manao hoe: *"tsy izay rehetra mihazakazaka mantsy no tody amin'ny tanjona, fa izay mandeha tsy an-kijanona".*

Araka izany, tsy vitan'ny hazakazaka ny fitondrana Firenena, fa be ny zavatra jerena, hahatomombana sy hahatsara fototra azy. Misy ny manaraby sy mihevitra fa ampitson'ny fianianana dia tokony efa voatsangana ny Governemanta, saingy io no mby amin'ny voalazan'ny soratra masina hoe: *"Ny zavatra rehetra azo atao, nefa tsy ny zavatra rehetra no mampandroso".*

Araka izany dia nofantarina aloha ny zavatra rehetra, mba hahafaha-miroso tsy arahi-nenina, hahafaha-miasa tsy arahin-datsa. Dia tao anatin'ny fandeferana sy fitsinjovana fihavanana hihazonana ny firaisan-kina no andrindrana azy satria*: "Ny firaisana no hery".*

Ry Malagasy Mpiray Tanindrazana,

Mivadika ny pejy hoy isika, marina izany, saingy ny saina ho enti-miasa, ny asa hotanterahina, hanovana izany pejy izany sy hanarahana ny dingana vita dia mbola miandry ahy sy miandry anao.

Koa andeha ary isika hiroso mba hampandroso ny firenentsika amin'izay. Ataontsika teboka iaingana ao anatin'izao Repoblika fahefatra izao ny hampijoroana ny fanjakana tan-dalàna; ny Malagasy mifampihaino, mifanome tànana, miasa anaty firaisan-kina ary manome hasina ny fihavanana.

Handeha havondrona ny hery handavorariana ireo asa tsara rehetra, ireo vina mahasoa sy mahafinaritra takian'ny Firenentsika, ka toetra mendrika temerim-pahavononana no hiatrehana izany an-kasahiana.

Betsaka ny fanamby ataontsika. Maro ny fanapahan-kevitra mila fasahiana. Horaisintsika ireny raha mbola ho an'ny tombotsoan'ny vahoaka maro an'isa ihany koa.

Ao anatin'izao fetim-pirenena izao, dia mino aho ry Malagasy Mpiray Tanindrazana fa:

- ho Malagasy mifanome tànana ho amin'ny fampandrosoana anaty fifanajana isika;
- ho Malagasy mifanome tànana ho amin'ny fampandrosoana ao anatin'ny fifankatiavana;
- ho Malagasy mifanome tànana ho amin'ny fampandrosoana ao anatin'ny fihavanana no mifamoivoy manerana ity Nosy ity.

  Ka raha ireo no hiainana, dia mahatoky aho fa ho foana ny herisetra, hilamina ny Tanindrazantsika, ho tampim-bava ireo mpanatsatso, ary ahahzo laka ny tena fampandrosoana dia ho tanteraka tokoa ny faniriantsika: *"Dia ho tany sambatra ilay Madagasikaranay".*

Ary satria androm-pifaliana, andron'ny fihavanana izao, dia mahafaly ahy ny manolotra ny fanenana sy fanalefahana sazy ary famafàna izany ho an'ireo karazana voafonja sy voahelokaisan-tsokajiny.

Ho fankasitrahana anareo Miaramila, zandary ary Polisim-pirenena nikarakara ny Matso, dia omena fialan-tsasatra 24 ora ianareo.

Eo ihany koa ny fanantonana ny fampiarana ny sazy latsaky ny 15 andro teo anelanelan'ny 01 janoary sy 26 jiona 2014.

Ho ela velona anie Madagasikara.

Samia ho tahian'Andriamanitra isika minankavy.